# NY MPISOLO TENA

-

## Fandinihana

Efa lany ny volako; fa azy ity.

**EM** (misolo olona)

Nahazo voalavo ny saka; ka nahafaly azy izany.

**RF** (misolo biby)

Nianjera ny seza ary tapaka ilay izy.

**L** (misolo zavatra)

⇨Teny entina misolo olona, na biby na zavatra.
⇨ Teny afaka mitana anjara asa fototra

| | | | |
|---|---|---|---|
| Lah 1 : mijery aho (izaho) | Ahy ity | Jereko ity | Afako io |
| 2 : Mijery ianao | Anao ity | Jerenao ity | Afakao io |
| 3 : Mijery izy | Azy ity | Jereny ity | Afany io |
| 4 : Mijery isika | Antsika ity | Jerentsika ity | Afatsika io |
| 5 : Mijery izahay | Anay ity | Jerenay ity | Afakay io |
| 6 : Mijery ianareo | Anareo ity | Jerenareo ity | Afakareo io |
| 7 : Mijery izy ireo | Azy ireo ity | Jereny ity | Afany io |

-

## Famaritana

Ny atao hoe mpisolo tena dia teny misolo olona na biby na zavatra tsy tiana ho tenenina ao anaty fehezanteny ka afaka mitana anjara asa fototra sy fameno.
Miova endrika izy isaky ny miova anjara asa.

## Karazany

Misy karazany roa ny mpisolo-tena

### 2.1 Mpisolo tena mahaleo tena

Mbola misy karazany roa ihany koa ny mpisolo tena mahaleo tena.

- **Mpisolo tena mahaleo tena voasoritra**
  Saika miantomboka amin'ny « **i-** » avokoa izy ireo.
  Ireto avy: **izaho, ianao, izy, isika, izahay, ianareo, izy ireo**
- **Mpisolo-ena mahaleo-tena tsy voasoritra**
  Saika miantomboka amin'ny « **a-** » avokoa izy ireo:
  Ireto avy: **ahy, anao, azy, antsika, anay, anareo, azy ireo.**

### 2.2 Mpisolo-tena tampisaka

Mbola misy karazany roa ihany koa ny mpisolo tena tampisaka fa ny iraisany dia izy samy miraikitra amin'ny teny iarahany:

- **Mpisolo-tena tampisaka feno**

Mitampisaka mandrakariva amin'ny teny mitsatoka na teny mingadona na teny mitsaikona miafara amin'ny «-**na** » izy ireo.
Ireto avy: **-ko, -nao, -ny, -nay, -nareo, -ntsika, -ny.**

- **Mpisolo-tena tampisaka tsy feno**

Mitampisaka mandrakariva amin'ny teny mingadona miafara amin'ny **« -ka** » sy ny« **-tra** » mandrakariva izy ireo.
Ireto avy: **-o, -ao, -ny, -ay, -areo, -tsika, -ny**

-

**Fanamarihana**:

- Mbola azo anavahana ny karazana mpisolo tena ihany koa ny habetsahan'ny olona soloina na ny **Lah 1, Lah 2, Lah 3**, dia misolo olona tokana fa ny **Lah 4, Lah 5, Lah 6, Lah 7** kosa dia misolo olona maro.

-

- **Ny Lah 4** dia tsy manavaka na mangaro fa ny **Lah 5** dia manavaka na manilika.

- Rehefa mitampisaka amin'ny EM ny mpisolo tena dia tsy maintsy mitana ny anjara asa RF.

-

**Fafana mamintina**

| **Sokajy** | **Mahaleo tena** | | **Tamp** |
|---|---|---|---|
| | Voasoritra | Tsy voasoritra | Feno |
| **Misoloolona tokana** | Izaho (aho:mahasori-tena )<br>Ianao<br>Izy | Ahy<br>Anao<br>Azy | -ko<br>-nao<br>-ny |

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Misoloolona maro** | Isika (mangaro)<br>Izahay (manavaka)<br>Ianareo<br>Izy ireo | Atsika (mangaro)<br>Anay (manavaka)<br>Anareo<br>Azy ireo | -ntsika (mangaro)<br>-nay (manavaka)<br>-nareo<br>-ny |